Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-13: MIKASIKA NY FIVAVAHANA SILAMO

[…] Ny fivavahana silamo dia handray ny anjara fahamarinany ihany koa araka ny efa voatendrin’Andriamanitra ao amin’ny Marka 13:35. Nandritra ny efa-taona, nanana fianakaviana silamo, ho mpiantoka aho. Tena nikarakara ahy tsara rizareo ka dia manana toy ny trosa aloa aminy aho. Nandritra izay efa-taona niantohana izay, tsy nanaiky ny handray mihitsy na dia vola madinika avy amin’ny ray aman-dreniko aza rizareo… Zanak’Andriamanitra ireo tahaka anareo sy izaho saingy nataon’Andriamanitra nitokana any amin’ny gadran’ny fivavahana silamo aloha rizareo. Ny fihetsik’izao tontolo izao eo anatrehan’ireo silamo sy ireo Arabo dia ilay fihetsika nananany teo anatrehan’ireo jiosy teo ambanin’ny fitondran’i Hitler ihany. Ho avy ny andro izay hiantsoan’Andriamanitra azy ireo hoe: oloko… Izaho dia manohitra ilay fivavahana, fa tsy ireo olona. Hitanareo? Ny fivavahana silamo dia ilay sary lavorarin’ny katolisisma tahaka ny tanana havia sy ny tanana havanana.

Eny ary, ankehitriny, te hanome famaritana ny fivavahana silamo ihany aho na izany aza, io fivavahana lian-drà sy demoniaka io izay tokony hihazona vahoaka iray ho babo mandra-pahatongan’ilay fotoana voatendry mba handohalehany eo anatrehan’ireo zanany-lahy ihany amin’ny anaran’i Jesosy-Kristy avy eo. Ary lazaiko izany noho ny iraka azoko. Tenin’ny mpaminany. Tamy ny ora fitsarana azy!

Talohan’ny nahaterahan’ny fivavahana silamo, ireo Arabo dia nivavaka tamin’andriamanitra maro izay ahitana an’i Allâh, andriamani-bavin’ny lanitra ka ny volana no famantarana azy, sy Al’ozza, ilay kintan’ny maraina. Afaka azonareo tsotsotra fotsiny ny hevitr’ireo sary famantaran’ny volana sy ny kintana. Tahaka ny nanakristianiavan’i Roma ireo andriamanitra sy ireo andro firavoravoan’ny mpanompo sampy sy romana, dia ireo andriamanitra sy andro firavoravoan’ny mpanompo sampin’i Arabia ihany koa dia nosilamovana. Ireo teny masina izay tononin’ireo silamo mialohan’ny hitenenany dia fomba fanaon’ireo “kâhins”, mpisikidy arabo. Tsy nitady lavitra i Mahomet. Ny fivavahana silamo, amin’ny lafiny iray, dia zavatra namboarin’olombelona ranoiray avy amin’ny singam-pinoana efa nisy teo aloha. Ireo andriamanitra ireo dia naseho teny amin’ny lanitra avy tamin’ny alalan’ireo kintana ary ety an-tany avy amin’ireo vato nangonina ao amin’ny “Ka’ba” [=vatokely] any la Mecque.

Isan-taona, nisy fihetsiketsehana lehibe izay: ny “hajj” izay hanodidinan’ireo mpanao fivahinianana masina avy any amin’ny tany rehetra im-pito ireo vato ireo ary mitondra azy ireo eny an-tendrombohitra Arafa. Tamin’ny janoary 622 no, nidiran’i Mahomet izay notohanan’ny miaramila telo arivo tao la Mecque, ka narodany ireo sampy tamin’ny “Ka’ba” ary navelany hisy anankiray hiangana ihany izay toa hoe seza fipetrahan’i Abrahama, Isimaela ary Agara.

I Mahomet dia teraka tamin’ny 571 tany ho any. I Abdallah rainy dia maty talohan’ny nahaterahany, ary i Amina reniny dia nametraka azy tao amin’ny foko “Bédouins” anankiray ka maty rehefa avy naka azy indray. Ary nalain’ny raibeny avy amin-drainy indray izy izay maty tamin’izy valo taona. Ka i Abou Talib dadatoany no nitaiza azy. Nahatsapa fiantrana betsaka ho an’io fahazazana izay miara-tsy ampy hafanan-dreny sy ray io aho… Lasa mpiandry ondry niaraka tamin’ny rahalahiny ara-taiza izy. Tany avaratr’i la Mecque, dia naheno momba an’i Mosesy sy i Jesosy izy. Saingy tsy afaka nanana ny “Torah” (ireo boky dimin’i Mosesy) izy. Taorian’izay, i Khadidja, vehivavy mpitondratena jiosy manan-karena be izay izy no nitondra ny kalesy mpitondra entany dia lasa vadiny ka nanome azy ireo horonan-taratasy ireo. Ny ray aman-drenin’i Khadidja dia nanohitra io fanambadiana izay tontosa tao ihany io. Izy dia 24 taona ary ravehivavy, 40 taona. Taorian’ny nahafatesan’i ravehivavy, i Mahomet dia naka vady sivy ary vaditsindrano maro ka ny tiany indrindra dia Aïcha zanaka-vavin’i Abou Bakr namany izay ho lasa “calife” voalohany, solontena aorian’i Mahomet. Izy dia natahotra an’i Khadidja saingy rehefa maty ravehivavy, izay vao naneho ny maha-izy azy izy. Tamin’ny 612 tany ho any, nihataka mba hivavaka izy, ka natory tao anaty lava-bato tao amin’ny tendrombohitra Hira ary nanofy izy. Ny anjely Djibril izay tsy ny arikanjely Gabriela ao amin’ny Baiboly velively, dia nankeo aminy ary nangataka taminy ny hamakiany horonan-taratasy izay. I Mahomet dia nanao taminy hoe: “Tsy mahay mamaky teny aho!”. Koa rahefa nifoha izy, dia nanana fahatsapàna hoe nisy boky nidina izany tao am-pony, izany no zava-misy tamin’ny “Maouloud”. Ny “coran” dia tsy nidina ara-bakiteny avy tany an-danitra araka ny tiana anambaràna azy. Rehefa nivoaka ilay lava-bato izy, dia nahita ilay anjely goavam-be teo ihany, mameno ny faravodilanitra sady miarahaba azy nanao hoe: “Arahaba, ry irak’i Allah!”. Nandritra ny androm-piainany, avy amin’ny fahazoan-tsindrimandry sy fitolokoana, dia mandray sy miteny toy avy amin’ny faminaniana izy, teny maro izay natao tsy an-jery aloha avy eo nosoratana tamin’ny taolam-pisaky ny lamosina (omoplates) sy hoditr’ondry ary tamin’ny “papyrus”. Tadidio fa ny ampahany amin’ireo tsindrimandry ireo dia tsy voarakitra ao anatin’ny “coran” nefa dia tsindrimandry mivantan’i Mahomet izao mihitsy. Ny “calife” Othman no nanao *“vulgate”* iray avy amin’ireo lahatsoratr’i Zeïd Ben Tsàbit izay ahitsin’ny komity iray. Ny “calife” Othman, taoriany ary talohany mandra-pahatonga amin’io komity io rehefa avy nandalo tamin’i Zeïd Ben Tsàbit, ireo lahatsoratra dia nandalo fanadiovana lehibe izay nanala ireo andinon-tsoratra mahagaga izay noraisin’i Mahomet izao mihitsy. Raha ny tena izy, ireo dia raiki-pohy sy fandraikiraikena afaka mahatonga zavatra mihoatra ny efan’ny zava-boahary sy fisehoam-panahy. Afaka mahatonga zavatra tsara na manimba amin’ny zava-boahary na olona. Taorian’ireo asa maro samihafa, dia nosimbaina miandalana ny ambin’ireo sora-tanana. Ireo zavatra rehetra ireo, na ny *sirat al rassoul*, izay tantaram-piainany voaloha aza dia tsy manonona izany. Hitanareo? Mba hotsindrin’ny fanahy, dia nahifikifik’ilay fanatrehana mahery ben’ilay hosotra izy. Ary maminany aho fa izao tontolo izao dia hiafara miaraka amin’ny fivavahana silamo karismatika. Ho tonga izany indray andro any eto an-tany… Tamin’ny fo madio, i Mahomet dia im-betsaka nisalasala momba an’io fanahy io saingy i Khadidja dia namporisika azy. Nahataona azy fatratra ravehivavy raha tsy izany dia efa nibebaka am-pahibemaso izy!

Izay rehetra mahatonga asan’ny komity dia avy amin’ny devoly: tahaka ny “coran”, misy ny baiboly Tob an’ireo katolika, ireo baiboly Ostervald, King James, Martin, Louis Segond an’ireo protestanta sy evanjelika… I Mahomet dia im-betsaka nihetsika krizy izay mahatorana azy ary izy izao aza dia nihevitra hoe fahadalana izany. Ny mpahay tantara rehetra dia

mitatitra izany. Ny 24 septambra 622, nandositra tany Médine i Mahomet ka nanao ny tenany ho mpisorona ambony indrindra ary nanorina fiaraha-monina teokratika tao izay mitambatra amin'ny fiainana politika, foloalindahy, ara-toe-karena ary ara-pivavahana izay mbola tehirizin'ny fivavahana silamo ihany hatramin'izao. Talohan'ny fivavahana silamo, dia efa nisy zana-panjakana jiosy tao Yathrib, Khaïbar sy tany amin'ireo "oasis" any avaratr'i la Mecque. Satria te hahazo ireo jiosy izy, dia asainy mitodika any Jerosalema ireo silamo rehefa mivavaka ary koa mitandrina ilay fifadian-kanin'ny "Kippour" [famelan-keloka lehibe] tahaka ireo jiosy. Fifadian-kanina izay maharitra iray andro amin'ny 25 ora ka ny fitanisan-keloka amin'izany dia am-pahibemaso mandritra ny ora maro tahaka ny lazain'ny Neh. 9:1-3. Amin'io andro io, ireo jiosy dia mitanisa ireo helony tahaka ny atao ato mandritra ny ampahefatry ny andro! Tsy fahefa-kadiny fa ampahefatry ny andro, mifandimby! … Ary momba an'i Mahomet kosa, ny jiosy sasany nihevitra hoe izy ilay Mpampahery nampanantenana ireo firenena. Dia niantso azy ireo jiosy, nanontany azy ary nahita fa mpamitaka ilehiny. Koa rehefa hitan'i Mahomet fa tsy nahomby izy, dia naka ireo fitaovam-piadiana ka nandringana ireo jiosy ary nandidy ireo silamo ny hitodika any la Mecque manomboka eo rehefa mivavaka ary ny fifadian-kanin'ny "Kippour" dia novainy ho Ramadhân. Ary nanomboka nanohitra an'i Mosesy, Jesosy ary ny Baiboly izy. Ampahany lehibe izay tsy ao anatin'ny sirat al rassoul, tantaram-piainany voaloha. Tsy voalaza na aiza na aiza mihitsy hoe i Mahomet dia nitady ny fanamasinana afa-tsy ilay fitondran-tena mahery setra, bibibiby ary lian-drà izay notazonin'ireo mpomba azy. Ny fahalemena lehibe indrindra an'i Mahomet dia ny firaisana ara-nofo. Ny fijangajangana sy ny famporafesana dia nanaraka azy hatrany am-pahafatesana, ary ahoana ny amin'ny ankehitriny amin'ireo vehivavy efa tsara tarehy ery? Rehefa naka faharoa izy, dia tsy nahatana ka naka faha-3, dia tsy nahatana ka naka faha-4, faha-5, faha-6, … avy eo vadikely sy vaditsindrano maro mandra-pahatonga azy marary ka maty. Saingy io Mahomet io dia mbola nanana fahaiza-miaina noho i Osborn sy ny ankamaroan'ireo pasitera satria na dia teo aza izany fiainana izany ary na dia teo aza ny hoe tsy nanana afa-tsy ireo boky dimin'i Mosesy izy, dia tsy mba nanaiky vehivavy ho "imam" izy.

Ary tsy izy rehetra, fa sasany amin-drizareo, na dia eo aza ireo vavaka dimy isan'andro, dia mahavita, vao zara raha tafavoaka ny "mosquée", misambotra olona dia manapaka ny tendany tahaka ny biby. Na dia izany aza, tamin'ny voaloha, tamin'ny fakàny ho babo ny tany, rizareo dia natahotra ny hamely ireo kristiana, izay tsy laitra kokoa ary mivantana kokoa noho ireo jiosy ao amin'ny fahamarinany. Ary avy amin'ny fitaovam-piadiana no nampanekena io fivavahana io ny ampahan'ny tany mandritra ny fotoana voafetra. Dia nifidy ny zoma ho andro masina izy, fantatsika ny tian'izany ambara. Ny fikambanana mystika rehetra, ny mpanao ody rehetra, … dia manana ny zoma ho andro anambinana. I Jesosy dia voahombo zoma. Ary fantatsika fa Allah dia anjelin'i Satana.

Am-pitiavana no ilazako izany zavatra rehetra izany satria, ireo silamo dia vahoaka iray izay hovangian'Andriamanitra indray andro any. Izany no nahatonga ahy tsy dia niresaka be momba azy ireo. Hirodana ny rindrin'ny fivavahana silamo indray andro any tahaka ny rindrin'i Berlin sy ny "communisme". Ho avy ny ora izay hijoroan'ny zanaky ny fivavahana silamo anankiray eo amin'ny fototr'ity Hafatra ity ka ho mpitondra-fanevan'ny taranaka misy azy izy tahaka ahy ary hitory teny amin'izao tontolo izao amin'ny anaran'ilay Andriamanitry ny kristiana. Amin'izany fotoana izany, ireo izay mino, dia handoro ny sapileny, ny hadith-ny, sy ny coran-ny ary ilay fampahoriana lehibe sy farany ny fiangonana dia ho avy. Amin'ny anaran'i Jesosy-Kristy, ny kristianisma dia hisisika ka handrava ny fivavahana silamo tahaka ny rindrin'i Berlin ary amin'io fotoana io ilay tena fampahoriana no hanomboka ka ho toy izany no hisy ary noho izany ora izany no namelan'Andriamanitra hitoetra sy nanomezany laza betsaka an'ilay boky antsoina hoe *« ny Coran masina »*.

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »